Ny Valosoa sy hadihady

Veliranon-dRajoelina : fiantsampazana amin'ireo tetikasa efa natomboky ny teo aloha

Herintaona izao no nanao fianianana amin'ny maha filohan'ny Repoblika IV, andiany faharoa azy, Rajoelina Andry Nirina. Tsy nisy Baiboly teo ambanin'ny tànana ankavia toy ny nahazatra hatramin'izay, satria tsy misy idiran'ny Finoana, hono, hoy ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), ny lanonana. Mety ho nitombina ihany izany fomba fijery izany satria tsy Kristianisma ihany no fivavahana misy eto Madagasikara ity, fa eo koa ny Islamisma. Na izany na tsy izany dia ireo firenena lehibe sasany any ivelany dia eo foana ny Baiboly rehefa manao fianianana ny filohampirenena mandray ny asany. Mety ho "masina" kokoa, angamba, ny "velirano" satria izay mivadika amin'izany dia "kely ila" araka ny finoan'ny gasy. Toa nanjary nitondra "fanambinana" koa ilay tarehimarika "13" ka nanombohana ny fametrahana "vato fototra", ho an'ireo tetikasa ao anatin'ny "IEM", ny làlam-pirenena faha-13. Nofintinina ao anaty teboka 13 ihany koa moa ity "Tosakevitra Fisandratan'i Madagasikara" ity. Ankoatry ny làlana nametrahana vato fototra, ny RN5 bis izay efa nametrahan'ny filohan'ny Repoblika IV-1, Rajaonarimampianina Hery, "vato fehizoro" sy ny RN44 dia tsy fantatra moa raha teboka faha-firy ny fanatsarana na fampivoarana ny tanàna maromaro ho toa an'i Miami sy Paris, sns… Eo koa ny fanitarana ny tanànan'Antananarivo amin'ny alàlan'ilay tetikasa "tanamasoandro", ka hanondranana ny tompon'ny tany eny ho any Bevoay. Rehefa hitan'ny fitondrana fa sarotsarotra ny fandresen-dahatra ireo mponina dia nomena orinasa arabo ny 60.000 ha izay sady tsy amidy, hono, no tsy ampanofaina fa ao anatin'ilay firehana "win-win" (gagnant-gagnant). Azo inoana fa na nomena ireo tantsahan'Ambohitrimanjakan aza izany tany izany dia sarotra izany hifindra monina izany, na dia homena fitaovana "manarapeitra" aza. Raha sady tsy hampanofaina no tsy hamidy fa ny vokatra no ho raisin'ny mpitondra dia hamidiny rehefa avy eo dia hiditra any amin'ny kitapom-bola-panjakana ve ny vidiny? Azo inoana ihany koa fa tsy ao anatin'ireo teboka 13 ny fanavaozana ny kianjaben'i Mahamasina izay hiova anarana ho "Kianjan'ny Barea", ka izay tsy vitan'ny fitondrana nifanesy efa ho enimpolo taona izao dia ho vitan'izao fitondrana izao tokoa raha tsy misy ny sampona, hono. Maro ihany araka izany ireo fotodrafitrasa ho tokanana ny 26 jona 2020 izao, ka anisan'izany ity kianja ity sy ny Rovan'i Manjakamiadana. Ny zavatra tsapa hatreto dia nolovain-dRajoelina Andry tamin'ireo mpitondra teo aloha ny ankamaroan'ireo fotodrafitrasa ireo. Tsy misy afaka mandà ny fitohizan'ny Fanjakana (continuité de l'Etat), saingy tsy maintsy lazaina amin'ny vahoaka ny marina satria izay no manaporofo fa olona mandala ny fahamarinana (honnête). Raha ny hetsika rehetra notanterahin'izao fitondrana izao nandritra izay herintaona izay no dinihana dia olona miantsampy amin'ny efa natomboky ny hafa ihany izy ireo (opportunistes), fa tsy manana tetikasa efa matipaika arak izay nodradradradraina hatramin'izay. Na izany aza dia tsy mbola misy miainga ireo tetikasa rehetra nametrahana vato fototra na dia efa nisy famatsiam-bola azo satria, angamba, nihemotra indray ny mpamatsy vola noho ny filazana fa tsy ny mpamatsy vola no mibaiko ny mpitondra fa tsy maintsy izao no hataonareo, fa Rajoelina Andry no miteny hoe ity no hataoko. Tena tsy mahafantatra izay mahasoa ny vahoaka Malagasy mihitsy izao fitondrana izao fa manao izay mahafalifaly sy mampanonofy azy ihany. Natomboka tamin'ity herinandro ity ny fandravana ny "tribune" ao amin'ny Kianjaben'i Mahamasina ka kasaina ho vita alohan'ny 26 jona 2020 ny fanavaozana. Tsy misy olombelona tsy tia ny fanatsarana fa hitondra fivoarana manao ahoana eo amin'ny faripiainan'ny vahoaka tsy manankialofana sy tsy manan-kohanina io fotodrafitrasa io ankoatry ny fahafinaretan'ny maso. Ny maso mijery anefa tsy mitondra mody ary tsy azo lavina izany satria tsy hisy irika azon'ny mpatory an-tsena hisitrihan'ny lohany ao. Koa raha tsy ho azon'ny vahoaka hisitrahana izay tetikasa rehetra ho tanterahin'izao fitondrana izao dia tsy hahagaga raha mbola hitombo ny elanelan'ny antsana mampisaraka ny mpanana (mpitondra) sy ny valala tsy mandady harona.

Andry Tsiavalona

Pr Harimalala Joseph

Manjaka ny tsy fahamarinana sy ny fanaovana an-keriny

Isan'ny manaraka akaiky sy mijery hatrany ny raharaham-pirenena ny Malagasy ankehitriny ary saika samy maneho ny heviny avokoa, na any anaty tambazotran-tserasera izany na an-gazety. Ho an'i Pr Harimalala Joseph dia an-gazety hatrany no itondrany izay fanehoan-kevitra izay, ka ankehitriny dia ny faha herintaon'ny nitondran'ny filoha no hanehoany hevitra. Herintaona tokoa mantsy ny faha 19 Janoary 2020 lasa teo, no nandraisan'ny filoham-pirenena ny fitantanan-draharaham-panjakana teto Madagasikara tamin'ny fomba Ofisialy, saingy efa nisy ny dimy taona ambony nitondrany ny tetezamita taorian'ny fanonganam-panjakana, izay nataony ny taona 2009, nanomboka nandatsaka an-davaka an'i Madagasikara izany ary hatramin' izao dia io iaraha-mahalala io, fa tsy tafarina intsony aloha hatreto ny firenena ary mahazo laka tanteraka ny fahantrana. Ankoatra izay dia manjaka ny tsy fahamarinana sy ny vonoan'olona ary ny fijaganjangana, ny fanaovana an-keriny sy ny sisa,… noho ilay efa nambarako teto ihany, hoy hatrany ity mpandinika ity, satria izay ilay natao teny Mahamasina ny 19 janoary ny taon-dasa teo, satria fianianana feno lainga sy tsy niorina tamin'Andriamanitra izy iny, ka dia izao iaraha-mahita izao ny kapoka mahazo ny Malagasy, araka izay voasoratra ao amin'ny Hosea 4: 1-2. Eo anoloan'izany hoy ity mpandinika ity dia aoka handinika sy hieritreritra isika rehetra ary hianareo mpitondra ankehitriny, satria raha izao fizotry ny raharaham-pirenena izao dia mampahatsiahy ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny Lioka 13: 4-9 manao hoe: "Ary ireny 18 ireny, izay nianjeran'ny tilikambo tao siloama, ka maty, ataonareo va fa mpanonta mihoatra nohon'ny olona rehetra izay monina ao Jerosalema ireny? Tsia; hoy Izaho aminareo; fa raha tsy mibebaka hianareo, dia ho ringana tahaka azy koa hianareo rehetra. Ary nanao ity fanoharana ity i Jesosy hoe : nisy olona nanana aviavy nambolena teo an-tanimboalobony, dia nankeo izy nitady voa taminy, fa tsy nahita dia hoy izy tamin'ny mpanamboatra ny tanimboaloboka: indro efa telo taona izay aho no tonga nitady voa tamin'ity aviavy ity, fa tsy nahita, kapao io, nahoana io no manimba ny tany. Fa ny mpanamboatra namely ka nanao hoe: tompoko! Avelao ihany izy amin'ity taona ity mandra-pihadiako ny manodidina azy, ka asiako zezika, angamba mbola hamoa izy fa raha tsy izany dia ho kapainao ihany". Ny tiana ambara eo anatrehan'izay tenin'Andriamanitra izay dia efa niseho taminareo fitondrana ankehitriny izany fanoharana izany satra nandritra ny 5 taona nitondranareo ny tetezamita dia tsy nahitana voa hianareo na dia efa nialana nenina ihany aza, ary amin'izao fotoana dia efa nialan'ny CENI sy ny HCC nenina fanindroany indray ianareo ary nomena fahefana maimaimpoana mba hitantanan-areo ny firenena saingy indrisy fa: "Izay efa teo ihany no tonga indray, ary izay efa natao ihany no mbola hatao indray; fa tsy misy zava-baovao akory aty ambanin'ny masoandro, araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'ny Mpitoriteny 1:9. Koa misintona ny saintsika aho, hoy ity mpandinika ity mba hijery sy handinika ny zavamisy sy ny asehon'Andriamanitra amin-tsika amin'izao toetry ny andro izao, araka izay voasoratra ao amin'ny bokin'i Nahoma 1:3 manao hoe: "Mahari-po Jehovah sady be hery ary tsy mety manamarina ny meloka, amin'ny tadio sy tafio-drivotra no lalan'i Jehovah. Ary rahona no vovoky ny tongony", ary mbola ampian'ny voasoratra ao amin'ny Lioka 21: 20-24 izany manao hoe: "Ary rehefa mahita an'i Jerosalema voahodidin'ny miaramila hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa efa mby akaiky ny fandravana azy. Ary izay any Jodia amin' izany andro izany aoka handositra ho any an-tendrombohitra, ary izay any Jerosalema aoka handositra any ivelany, ary izay any an-tsaha aoka tsy hiditra ny Tanàna intsony. Fa ireo dia andron'ny famaliana, mba hahatanteraka izay efa voasoratra. Fa lozan'ny bevohoka sy ny mitaizakely amin'izany andro izany! Satria hisy fahoriana lehibe eo amin' ny tany ary fahatezerana amin'ity firenena ity. Dia ho ringana amin'ny lelantsabatra izy, ka ho entina ho babon'ny firenena rehetra, ary Jerosalema hohitsahin'ny jentilisa mandra-pahatanteraky ny andron'ny jentilisa". Fehiny hoy ity mpandinika ity dia ny fiverenan'ny mpitondra amin'Andriamanitra sy fankatoavana ny teniny ihany no hahavoavonjy antsika sy ahitanareo mpitondra vaha olana ho an'ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Koa anjaran-tsika tsirairay avy kosa no mandinika ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Lioka : 46-49 : "Fa nahoana ianareo no manao Ahy hoe Tompoko! Tompoko!, nefa tsy manao izay lazaiko? Izay rehetra manatona ahy sy mandre ny teniko, ka mankato azy dia hasehoko tahaka azy: tahaka ny olona manao trano izy, izay nihady lalina ary nanisy fanorenana teo ambonin'ny vatolampy, ary nony tondraka ny rano dia namely mafy izany trano izany ny riaka nefa tsy nahahozongozona azy, satria tsara fanorenana izy. Fa izay mandre fa tsy mankato dia tahaka ny olona izay nanao trano teo ambonin'ny tany tsy nisy fanorenana, dia namely azy ny riaka ka dia nirodana niaraka tamin' izay izy, ary loza ny faharavan'izany trano izany".

Lezama

NY TENY FIAINANA

I Korintiana 12:7

Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa.

facebook NY VALOSOA Gazety misoho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Bas Mangoky : fanaovana tsinontsinona ny tantsaha Malagasy ny fanomezana tany ho an'ny Arabo

Arp helisoa : tsy maharesy lahatra ny fanomezana tany ho an'ny Arabo any amin'ny lemak'i Bas Mangoky. Sady fanoavana tsinontsinona ny tantsaha Malagasy any an-toerana izany, ho azy ireo no nindramam-bola ka nanajariana ny lemaka, fa tsy ho an'ny Arabo izay tsy mahay mamoka-bary noho ny tantsaha Malagasy, raha hitrandraka solika dia mety ho hain'izy ireo.

Ranaivoson Benja Hiarantsoa : fa ahoana kosa, mihinan'ny tadiny fotsiny izany ny tantsaha Malagasy any Bas Mangoky sy Bevoay.

Rocheltiana Rasolonjatovo : raha gasy no mangataka tany @ fanjakana dia tena sarotra be mihintsy, na impossible mintsy aza, zao ny arabo omena fotsiny. Mitenena eto Zay efa nangataka tanim- panjakana ka nahazo moramora izany.

Lala Joseph Ravelomahefa : tsy maintsy manaiky na tsy resy lahatra aza. Tian-kano, tsy tian-kano no fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina, tsy mijery izay tombontsoan'ny vahoaka sy ny tantsaha Malagasy izany, fa ny vahiny ihany.

Rolland Andriamahenina : 82,5 tapitrisa dolara ny vola notrosain'i Madagasikara nanajariana an'io faritra io, hatramin'ny 1999 no mankaty. Avy ao amin'io faritra io ireo tantsaha nahazo loka voalohany tamin'ny fifaninanana voly vary ny taona 2003, 2004 ary 2005 nahavita 6T ka hatramin'ny 10T isaky ny hektara. Fandriampahalemana, tsena, tosika arabola sy fitaovana no tokony heverina hampanjary ny fahavitan-tena ara-bary eto. Mila mailo isika amin'ny mety hidiran'ny OGM ao anatin'izany rehetra izany. Efa misy masomboly vary safiotra sinoa aman-jatony taonina mantsy aparitaka eto fa hoe hanafanainganana izany fahavitantena ara-bary izany.

Jeanne Françoise Razafimalala : voatsiny izay mandafo tanindrazana , fandafosana tanindrazana amin'ny Arabo io ataon'ny fitondrana Rajoelina io, na tiany na tsy tiany.